## Fitaterana
# Tsy tokony havela hampijaly vahoaka ny mpitatitra 2


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 28 aogositra 2018 Laharana 806 Vidiny : 400 Ar


## Daniela 12: 10 5
Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 26 aogositra 2018


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


### Filoha Ravalomanana N°25; Mahamasina 2
# Kandidan'ny vahoaka rehetra



### Amboaran'ny ben'ny tanàna, rugby 5
# Lasan'ny JST Ambondrona sy ny TFM Ankasina



### CUA SY NY OIF 1
## Hitohy amin'ny sehatra samy hafa ny fiaraha-miasa



### Antsirabe 6
Manamboninahitra miaramila, nodarohin'ny FIP

### Ankazomanga 5
Nanatitra fanampiana ireo traboina may trano ny CUA

### 25 aogositra 2018 3
Manondro ny fandresen' ny kandidà N°25

### Daka kely
Tsy hahafeno an'i Mahamasina toy ireny ialahy ry Boaikely a !

### Famaranana ny faha 25 taona 5
## Fahombiazana tanteraka ny an'ny tarika Mage 4



FILOHA RAVALOMANANA N°25; MAHAMASINA

# Kandidan'ny vahoaka rehetra

Kandidàn'ny vahoaka rehetra aho hoy ny Filoha Marc Ravalomanana ny sabotsy teo tetsy amin'ny kianjaben'i Mahamasina, nandritra ny fihaonana voalohany teo aminy sy ny vahoakan'Antananarivo tsy ankanavaka, tao aorian'ny naneken'ny Fitsarana Avo momba ny lalampanorenana na ny HCC, ny dosie, firotsahan-kofidiany amin'ny fifidianana filohampirenena ny 7 novambra ho avy izao. Nangorom-potsy i Mahamasina tamin'izany satria dia feno hipoka ireo vahoaka marobe saika niankanjo fotsy avokoa ny kianja monisipalin'i Mahamasina. Niposaka avy any Atsinanana tany Toamasina ny masoandro, nipaka teto Antananarivo ary mbola hipariaka manerana an'i Madagasikara, hoy ny filoha nasionalin'ny antoko TIM nandritra izao fotoana izao, satria tao aorian'ny nanambarany fa hirotsaka hofidiana izy tany Toamasina ny herinandro lasa teo, izay natrehan'ny vahoaka an'alin-kisa, dia mbola vahoaka an'alin-kisa ihany koa no niatrika ny famaranana ny fankalazana ny faha-15 taonan'ny antoko TIM tetsy Mahamasina, sady fanehoana firaisankinan'ny vahoaka ihany koa amin'ny filoha nasionalin'ity antoko ity amin'izao firotsahany ho fidiana ho Filoham-pirenena izao. Fantatra tamin'izany fa laharana faha-25 : Numero 25 amin'ny bileta tokana ny Filoha Marc Ravalomanana amin'ity fifidianana filoham-pirenena eto amintsika ity. 25 aogositra androany, 25 koa ny nomeraontsika amin'ny fifidianana, 25 no nahaterahan'ny Mpamonjy, heveriko fa tsy kisendrasendra izany hoy izy. Anisan'ny nasongadiny tamin'ny lahateniny koa fa tsy hamaly valy izy momba ny raharaha tamin'ny taona 2009, na ho an'ireo miaramila ihany koa. Niavaka ny fandravahana an'i Mahamasina tamin'io sabotsy io satria nisy sarin'i Madagasikara sy ireo Faritany 6 teo aloha teo afovoan'ny kianja, nitety an'i Madagasikara an'eritreritra ny kandidà Marc Ravalomanana nandritra izany, niteny tamin'ny fitenim-paritra avy amin'ny lafivalon'i Madagasikara izy. Nambarany fa mbola misokatra amin'ny rehetra izy satria ny mitabe tsy lanin'ny mamba, ary tandrovana toy ny anakandriamaso ny firaisam-pirenena na ny unité nationale. Mbola ho hatsaraina hoy izy ny MAP na ny Madagasikara Amperinasa amin'ny alalan'ny MAP 2. Teny filamatra ny hoe: mpanangana fa tsy mpandrava isika. Ankoatra izany, nanafanàna ny fotoana ny vavaka iraisam-pinoana, ny rindran-kira ara-pilazantsara, ny dihy Zumba, ny rindran-kira nataon'ireo tarika mpanafana teo amin'ny Magro Behoririka, ny tarika hafa malaza amin'izao fotoana izao ihany koa,…

***Isambilo***

CUA sy ny OIF

# Hitohy ary hisandrahaka amin'ny sehatra samy hafa ny fiaraha-miasa

Hitohy ary hiha-matotra hatrany ny fiaraha-miasa eo amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny fikambanana iraisam-pirenen'ny Frankôfônia. Nisongadina izany androany maraina teo, nandritra ny fihaonana teo amin'ny ben'ny tanànan'Antananarivo, Lalao Ravalomanana sy ny Ambasadaoro, solontenam-paritry ny Frankôfônia aty



amin'ny Ranomasimbe Indiana, Malik Sarr, tetsy amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely. Nambaran'ity ambasadaoron'ny Frankôfônia ity fa nivoitra nandritra ny fihaonana, ny fankasitrahan' izy ireo ny ben'ny tanàna noho ny fandraisana mendrika ireo ben'ny tanàna avy amin'izao tontolo izao miisa 160 farany teo, izany dia amin' ny maha-filohan'ny AVCOI na ny fikambanan'ireo tanàn-dehibe sy ireo vondrom-bahoakam-paritra, ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana. Ny fiaraha-miasa ho tanterahana fohy ezaka araka ny nambaran'ny ambasadaoro Malik Sarr dia eo amin' ny sehatry ny fitantanana ny tanàna, ny fanodinana fako, ny angôvo, ny resaka jiro, ny momba ny fandraharahana, eo koa ny fanofanana ireo vehivavy sy tanora ho amin'ny fampandrosoana,…

***Isambilo***

CENI

# Ny nomeraon'ireo kandidà 36 amin'ny biletà tokana

Natao teny amin'ny biraon'ny CENI Nanisana ny sabotsy teo ny antsapaka amin'ny laharana, na ny nomeraon'ireo kandidà miisa 36, amin'ny fifidianana ny 7 novambra ho avy izao. Toy izao ny nomeraon'izy ireo tsirairay avy, laharana na ny N° 25 ny kandidà Marc Ravalomanana filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM).

***Isambilo***

| Anarana sy fanampiny | Antoko | Nomerao amin'ny biletà tokana |
|---|---|---|
| Andry Nirina RAJOELINA | Tanora malaGasy Vonona(TGV) | 13 |
| RAVELONARIVO Jean | Antokom-BAhoaka (ABA) | 27 |
| MAILHOL André Christian Dieu Donné | Gideona, Fandresena ny Fahantrana eto Madagasikara (GFFM) | 34 |
| ERNAIVO Fanirisoa | ZAnak'i MAdagasikara (ZAMA) et Parti TRAvailliste Malagasy (PATRAM) | 24 |
| JULES ETIENNE Rolland | MAdagasikara FIvoarana (MAFI) | 5 |
| RASOLOFONDRAOSOLO Zafimahaleo dit DAMA Mahaleo | Manajary Vahoaka | 4 |
| RABARY Andrianiaina Paul | MIASA | 8 |
| RABEHARISOA Saraha | Parti Liberal Démocrate (PLD) | 9 |
| RANDRIAMORASATA Solo Norbert | Union Démocrates Chrétiens de MAdagascar (UDECMA-KMTP) | 28 |
| RATSIETISON Jean-Jacques Jedidia | Fahefa-Mividy no Ilain'ny Malagasy(FMI-MA) | 6 |
| BERIZIKY Jean Omer | ANTSIKA MADAGASIKARA | 19 |
| RAKOTOFIRINGA Richard Razafy | Solidarité des Jeunes Intellectuels pour l'Avenir de Madagascar (SJIAM) | 2 |
| RADILOFE Mamy Richard | Roso ho amin'ny Demokrasia Sosialy(RDS) | 23 |
| RAJAONARIMAMPIANINA RAKOTOARIMANANA Hery Martial | Hery Vaovao ho an'ny Madagasikara(HVM) | 12 |
| BEZAZA Marie Eliana Pascaline Manasy | Parti Social-Démocrate de Madagascar(PSD) | 14 |
| RAVALOMANANA Marc | TIAKO I MADAGASIKARA (TIM) | 25 |
| IMBEH Serge Jovial | Antoky ny Fivoaran'ny Malagasy (AFIMA) | 26 |
| RAJAONARY Erick Francis | MALAGASY MIRAY MIFANKATIA(MA.MI.MI) | 17 |
| ANDRIANOELISON José Michel | ARO-RIAKA | 15 |
| ANDRIANTSEHENO Lalaoarisoa Marcellin | TAFAJIABY | 7 |
| RATSIRAKA Iarovana Roland | Malagasy Tonga Saina (MTS) | 33 |
| RANDRIAMAMPIONONA Joseph Martin | REFONDATION TOTALE DE MADAGASCAR (RTM) | 20 |
| RABARIHOELA Bruno | FAHAZAVAN'I MADAGASIKARA (FAIMA) | 32 |
| RADAVIDSON ANDRIAMPARANY Benjamin | FIRAISAMPIRENENA HO AN'NYFAHAFAHANA SY NY FANDROSOANA (F.F.F) | 10 |
| NARISON Stephan | ANTOKO GASY MIARA MANDROSO(A.G.M.M) | 16 |
| RASOLOVOAHANGY Roseline Emma | EZAKA MAMPANDROSO ANTSIKA(EMA) | 36 |
| RASOLOFONJOA HaingoAndriakajamalala | AVOTRA HO AN'NY FIRENENA | 1 |
| ROBIMANANA Rivomanantsoa Orlando | Madagasikara Vina sy Fanantenana(MVF) | 35 |
| RAKOTOMAMONJY Jean Max | LEADER FANILO | 31 |
| ZAFIVAO Jean Louis | GASY MIFANKATIA (GASYMI) | 29 |
| RASOLONJATOVO Falimampionona | FITAMBOLAGNELA/IAD | 30 |
| TABERA Randriamanantsoa | KINTANA | 3 |
| RAMAROSON Arlette | PARRAINAGE | 18 |
| MAHAFALY Solonandrasana Olivier Jocelyn | PARRAINAGE | 22 |
| RAFALIMANANA Ny Rado | FOMBA | 11 |
| RATSIRAKA Didier Ignace | AREMA | 21 |

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Tsy tokony havela hampijaly vahoaka ny mpitatitra

Tsy misy intsony izay tompon'andraikitra azon'ny vahoaka ianteherana sy ilany vonjy amin'ny fijaliana ataon'ny mpitatitra azy. Mba niova tompon'andraikitra ihany ny teo anivon'ny ATT izay misahana ny fitaterana an-tanety volana vitsivitsy izao kanefa toa ny teo ihany no teo amin'ny manjo ny vahoaka. Tsy misy zavatra miova ho amin'ny fihatsarana na kely aza miseho eo amin'ny kalitaon'ny servisy ataon'ireo mpitatitra ary vao mainka aza miha-ratsy hatrany ny hita. Ohatra iray amin'ny fampijaliana vahoaka tato ho ato izao ny ataon'ny fiara fitateram-bahoaka taxibe G ao anatin'ny kaoperativa KOFITAMA misahana ny zotra Cité itaosy sy Cnaps Ampefiloha. Vao maraina amin'ny 7 ora latsaka dia efa mametra ny diany ny taxibe amin'io kaoperativa io fa hatreo amin'ny fitohanana eo amin'ny fasan'ny karana no farany, izany Cité Itaosy ka hatreo amin'ny fasan'ny karana na mbola tsy eo akory aza fa mbola aty aoriana vao misy fitohanana. Tsy izany ve no tena gaboraraka tanteraka ary manao izay tiany atao ny taxibe toy ny tsy misy kaoperativa miandraikitra azy? Ary saika isan'andro no manao izay tiany atao toy izany ny mpitatitra amin'io kaoperativa io na miainga eo amin'ny Cité Itaosy na avy any Ampefiloha. Tsy manao afa-tsy tapa-dalana kely kanefa ny saran-dalana tsy miova. Ka avela hanao izay tiany atao toy izany ve ireo mpitatitra ireo? Izao indray dia mandrahona ny hitokona telo andro sy ny hampakatra saran-dalana ny sasany amin'izy ireo. Ireo anefa no tena mpanao izay ratsy kalitaona servisy izay. Toy ny tsy misy ny kaoperativa miandraikitra azy ireo na koa miray tsikombakomba ratsy amin'ireo mpitatitra tanteraka manao kopaka isasahana amin'ny fanararaotana ka mitazam-potsiny ny fampijaliana vahoaka. Toy ny tsy misy koa ny fanjakana fa kely endaka tsy mahafehy ny mpitatitra na koa miray tsikombakomba amin'ireo mpaninjara solika sy kaompanian-tsolika lehibe eto amintsika ka tsy mahavaha olana amin'ny fiakaran'ny vidin-tsolika. Toy ny tsy misy ilàna azy akory ny ATT izay miseho ho tompon'andraikitra amin'ny fanaraha-maso ny mpitatitra kanefa tsy misy hafitsoka hatreto. Efa tsy rariny intsony ny manjo ny vahoaka fa efa ela izay nijaliany amin'ny fitaterana izay. Efa ela izay nampijalian'ny taxibe azy izay. Mila olom-baovao mihitsy ny vahoaka ho tompon'andraikitra hisahana ity fitateram-bahoaka eto Antananarivo renivohitra sy ny manodidina ity fa ny nisy hatramin'izay nandritry ny tetezamita sy ny fitondrana Rajaonarimampianina dia tsy nahavaha olona na kely aza. Ny volam-bahoaka fotsiny no lanin'ireo, fa ny asa tsy manjary.

***Sôh'son***

Bréchard Luc Loyla

# Endriky ny fisian'ny demokrasia ny hamaroan'ny kandida

Tompondaka amin'ny isan'ny kandida ho filohampirenena i Madagasikara, hoy ny lehiben'ny faritra Anôsy teo aloha, Bréchard Luc Loyla. Raha 33 no isany ny taona 2013, niakatra ho 36 izany amin'izao fotoana izao. Amin'ny ankapobeny, tsy dia fitiavan-tanindrazana loatra no hita fa fitiavana te hisehoseho , tsy te ho gistra. Mba jereo ange hoy izy, fantatra fa tsy maintsy mandoa vola 50 tapitrisa Ar vao ekena ny antotan-taratasim-pilatsahana. Kandida 10 no nitsapatsapa na dia tsy nandoa ny vola aza. Lasa kilalaon-jaza ny raharaham-pirenena. Mahakasika ireo kandida voaray kosa hoy i Bréchard Luc Loyla , mety hisy tranga tsy hampoizina. Hita taratra amin'ny fiomanany avy ireo kandida 3 lahy lazaina fa favori: manao fampielezan-kevitra , mizara vary sy vola ny sasany. Ny kandida Maihlol efa fantatra amin'ny tombamaso ny vato mety ho azony amin'ny alalan'ny isan'ny mpino ao aminy . Ny hafa araka ny teny gasy manao tsapatsapa vodiakoho. Lay ady gasy e! Amin'ingahy Bréchard Luc Loyla, manahy izy raha ireo tsipaipaikan'ny mpanao politika politisianina no zohina. Endriky ny demokrasia hoy hatrany izany hamaroan'ny kandida kanefa mba tsy ho demokrasian'adala. Raha ho fifidianana ho eken'ny maro no tanjona, ny fanajana ny lalampifidianana no arofanina mahomby hoy hatrany ity mpanao polika sady mpandraharaha ity .

***Mangarahara***

## Ny Valosoa sy hadihady

# 25 aogositra 2018: manondro ny fandresen'ny kandidà N°25

Mbola ampahany vitsy amin'ireo kandidà enina ambitelopolo ihany aloha hatramin'izao no mamory vahoaka satria tsy ampy herinandro no nivoahan'ny lisitra ofisialy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) ka tsy mbola vonona amin'izany ny ankamaroany. Misy aza anefa efa herinandro vitsivitsy izao no efa nitety faritra tao anatin'ny fampielezankevitra mialohan'ny fotoana. Anisan'ireny, ankoatry ny filohan'ny Repoblika Rajaonarimampianina Hery izay manararaotra fitokanana fotodrafitrasa, Rajoelina Andry izay toa tsy manazava ny votoatin'ilay « Initiative Emergence Madagascar » (IEM) fa mbola mihaino indray ny fitarainan'ny mponina any amin'ireny faritra nolalovany ireny, kanefa milaza fa efatra taona izay izy no nanao izany ary niainga tamin'izany, hono, ity « vina » hamoahana an'i Madagasikara amin'izao kizo izao. Tsiahivina anefa fa raha tsy nisy ny fanonaganam-panjakana notarihany tamin'ny 2009 sy ny fandrobana sy fandorana orinasa namporisihany mersenera dia tsy ho toy izao ny toerana misy ny Firenena. Very asa ny olona amana hetsiny maro, lasa nody ireo tompona orinasa afaka haba. Toa mahavory olona maro ny fahitàna azy amin'ny haino aman-jery ary toa maty lolo araka ny fitenin'ny olona sasany. Sarotra ho an'ny mpiray firenena amanahetsiny anefa ny manadino ny loza niniana nampidirina taminy ka azo hinoana fa elanelam-bato ambonin'ny ho azon'ny nahongan-dRajoelina Andry izay harotsak'ireo mpifidy amanahetsiny ireo. Ankoatr'izany dia miezaka manampy kaominina sasany, Antsirabe ohatra, ka manamboatra làlana ao antapon-tanàna. Ny filohan'ny Repoblika, Rajaonarimampianina Hery, indray dia fitokanana fotodrafitrasa na fandraisana fitaovana moderina any amin'ny toeram-pitsaboana no hihazakazahany. Tsy misy afaka mitsabo tena amin'irenyt oeram-pitsaboana ireny anefa ny valala tsy mandady harona satria vola be no saran'ny fitiliana amin'izy ireny. Tsy ho afaka ao antsain'ny ankamaroan'ny Malagasy koa ny fampanantenana poakaty nataony kanefa tsy nisy tanteraka hatramin'izao andro vitsivitsy mialohan'ny tsy maintsy hametrahany fialàna amin'ny maha filohan'ny Repoblika azy satria kandidà ho filoham-pirenena izy. Ny vahoaka manatrika ireny hetsika ireny dia ny mpianatra no terena hivoaka ny sekoly ary ny mpiasam-panjakana no asaina manatevindaharana. Ny mpitondra fivavahana Apokalypsy, ny pasitera Mailhol, koa nahavory olona maro ary nisy tamin'ny mpanolotsainan'ny Praiminisitra teo aloha izay marihana fa anisan'ny nanakiana izao fitondrana Hvm izao dia manohana azy koa, ka efa manga koa izany ny lanitra ho an'ity Pasitera ity. Ilay minisitry ny asa vaventy lasa minisitry ny fizahantany ary nesorina tamin'ny toerany ka anisan'ireo kandidà dia tsy izy loatra no nahatongavan'ny olona maro teny Antsonjombe, na dia hita fa kingalahy amin'ny dihy aza izy, fa hijery ny sehon'ireo mpanakanto malaza eto amin'ny tanàna satria raha tsy misy ireny seho tsy misy vidim-pidirana ireny dia tsy afaka hijery ny maro tamin'ny olona tonga teny. Fa niavaka kosa ny an'ny kandidà Ravalomanana Marc tetsy Mahamasina ny sabotsy 25 Aogositra 2018 teo. Niala tamin'ny nahazatra satria tsy mba teo amin'ny lampihazo izy no nikabary fa nitety ireo lampihazo napetraka teny amin'ny renivohi-paritany enina tao anatin'ny saritanin'i Madagasikara nofaritana teo amin'ny kianja filalaovam-baolina. Niavaka ihany koa satria fantany avokoa ny toe-javatra manahirana sy mampitaraina ny vahoaka isam-paritra ka nanolotra vahaolana amin'izany izy. Soa fa efa nisy ireo onjampeo niira nanao miara-manonja sy ny fahitalavitra Mbs nampita mivantana nanandefa tamin'ny fandaharana manokana iny lanonana iny ka heverina fa mety hampiverina ao an-tsain'ny maro indray ny fahazavana kely efa hita mialohan'ny fanonganam-panjakana ka hampifoha ny fitiavan-tanindrazan'ny ankamaroan'ny Malagasy.

***AndryTsiavalona***

Raniry any Mahajanga

# Manokatra ny masoandrom-panantenan'ny vahoaka Ravalo

***Mitondra ny fanehoankeviny momba ny rahaharaham-pirenena indray Raniry, mpanoratra sy mpanakanto any Mahajanga.***

Tsy hainay atỳ Mahajanga ny hangina tsy hiteny, tsy hisaotra an'i Dada amin'izao nanekeny hanokatra indray ny masoandron'ny fanantenan'ny vahoaka Malagasy izao. Misaotra an'Andriamanitra lehibe ihany koa fa mba tsy nisy ny sakantsakana fa tafiditra soa aman-tsara ho isan'ireo kandidà i Dada. Tena nampisokatra ny mason'izao tontolo izao, izao filatsahan-kofidiana ataon'i Dada izao. Inoako fa nifoha avokoa ireo izay natory, nisafidy ny nangina noho ny tsy rariny sy ny tsindry hazo lena. Ndeha hoporofointsika ho hitan'izao tontolo izao fa mbola tena mamim-bahoaka i Dada Marc Ravalomanana. Tena mafy ny fanenjehana azy, indrindra tamin'ny andron'ny tetezamiitatra. Niniana nalentika tao an-tsain'ny Malagasy tsy vaky volo fa olon-dratsy i Dada : "Mpanompo sampy, mpivarotra tanindrazana, mpanao didy jadona, mpangoron-karena sns..." Hoporofointsika rehetra ny tsy fahamarinan'izany. Iza no tena nangoron-karena teto amin'ny firenena? I Dada anie efa nanan-karena noho ny orinasa natsangany taloha lavitra ny naha-filoham-pirenena azy e! Ny sasany izay fatra-panenjika an'i Dada dia teo amin'ny fitondrana vao lasa mpanefoefo fanta-daza maneran-tany. Ndeha hatambatra àry ny hery fa ny firaisan-kina ihany no ahazoantsika fahombiazana. Tsarovy fa isika no nitarika tamin'ny fihodinana voalohany tamin'ny fifidianana farany teo, saingy noho ny antony izay tsy dia mazavazava loatra, sadasada manantsoratra, dia lasa resy isika tamin'ny fihodinana faharoa, noho ny halabato be vata. Tsy i Dada no nilatsaka tamin'izay fa ankehitriny kosa dia izy tenany mihitsy no nilatsaka ka inona no mampatahotra antsika? Aza matahotra, minoa fotsiny ihany fa ho azontsika mazava ny fandresena. Tsy marina ny filazana fa tanànan'ny MAPAR i Mahajanga! Nanjaka izy ireo satria tsy tonga nifidy isika rehetra fa leo ny pôlitika maloto izay nanjary nahazo vahana teto amin'ny firenena. Mitsangana àry, raiso ny andraikitra ho fanavotana an'ity firenena iombonantsika rehetra ity. Ho azontsika ny fandresena raha samy mijoro mandray andraikitra daholo isika rehetra mpomba an'i Dada. Tongava mifidy, taomy daholo ny namana sy tapaka rehetra, ny fianakaviana manontolo. Tena zava-doza ho an'ny firenena ny tsy fahatongavanao mifidy. Ny fampandaniana an'i Dada amin'ny fihodinana voalohany no tanjontsika jiaby koa ampirimo any ambany rangolahy any aloha ny fisaraham-bazana sy ny tsy firaisantsaina. Lefero ny hambom-po fa izay mitambatra ihany no vato, izay misaraka fasika. Aoka tsy ho hita taratra intsony izany fisaraham-bazana sy tsy firaisan-kina izany. Ankinintsika tanteraka amin'Andriamanitra ny zavatra rehetra fa olon' ny fahamarinana sy fahamasinana i Dada Marc Ravalomanana izay tohanantsika rehetra. Samia mifanome tanana isika mba hanarina izay nosimbaina, mba hanangana izay narodana, mba hamelona indray ireo nodorana. Aza adinoina fa nopotehina i Madagasikara malala hatramin' ny taona 2009. Hitsangana miaraka isika hanarina azy ao anatin'ny fotoana fohy fa tena maika ny fanavotana azy. Manaraka izany dia tena mahavelom-bolo ny vahoaka Malagasy eto Mahajanga ny fitsanganan' ny TIKO indray. Tsy ny mpomba an'i Dada ihany fa ny vahoaka rehetra mihitsy. Tsy maharaka mihitsy ny vokatra TIKO fa izay tonga ao amin'ny toeram-pivarotana dia lany. Mahavelom-panantenana ihany koa ny fandrenesana ny Radio MBS izay efa manomboka mandeha ao amin' ny mari-drefy 95.4 FM eto Mahajanga. Ny faniriana dia mba hisokatra tsy ho ela intsony ny MBS "télévision" fa io no tena andrandrain'ny maro eto Mahajanga satria efa tena leon'ny fandaharana aroson'ireo haino aman-jery hafa izay tsy mivoy afatsy ny fanosehana olona izay efa hita fa tsy nitondra soa akory ho an'ny firenena fa nilaozany nangoron-karena ka lasa mpanefoefo tsy hita noanoa. Mangataka an-tanan-droa aminareo izay tena tompon' andraikitra izahay mba hampiditra ny télé MBS ao anaty Canal Satellite sy ny Blue line fa io no tonga hatrany an-tany lavitra any.

***Nangonin'Isambilo***

## NY TENY FIAINANA



*Apokalypsy 19:7*

*Aoka isika hifaly sy ho ravoravo ka hanome voninahitra Azy; fa tonga ny fampakaram-badin'ny Zanak'ondry, ka efa niomana ny vadiny.*

SEFAFI

# Tokony hampiasaina araka ny tokony ho izy ny HCC

Navoaka hovakian'ny besinimaro ny resaka lava be nifanaovan'ny filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) tamin'ny mpanao gazety, ka sadaikatra sy lasa saina ny maro amin'ny olom-pirenena. Inona no namoahan'io andrimpanjakana io lahatsoratra an-gazety toy izany, ny mpikambana ao aminy anefa tsy misy mpahalala satria natao mangingina tany ny fanendrena azy, tsy fantatry ny olona akory izay mety ho fahaizany, na ny dingana vitany, na ny fomba fijeriny ny zavamisy ? Nisy mpikambana efa tao taloha ary nahavita fotoam-piasana tao imbetsaka, misy ny efa nihoatra ny 7 taona no nipetrahany tao – io no fepotoana iasana voalazan'ny Lalàmpanorenana. Na izany aza anefa, io andrim-panjakana vitsy mpahalala sy tsy fantatra io izay tena dikany dia nanana ny fiantraikany goavana hatrany teo amin'ny fiainam-pirenena. Ireo izay manaraka akaiky ny fiainana politika dia mahalala tsara ny anjara asany amin'ny fifidianana : ny HCC no fototry ny krizy politika taorian'ny fifidianana tamin'ny 2001-2002, sy tamin'ny 2009 ary koa tamin'ny 2013. Io andrim-panjakana io koa, na dia vitsy aza ny mpikambana ao, dia anokanana volam-panjakana mihoa-pampana, hany ka mahavariana ny mijery ny fari-piainan'ny mpikambana ao : fivahinianana any ivelany sesilany, fiarakodia sy tombontsoa isan-karazany – takontakonana tsy hisy mpahita ary tsy itakiana asa aminy. Ny HCC no « manapaka ny fifanolanana mikasika ny fanatontosana ny fitsapan-kevibahoaka, ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika sy ny solombavambahoaka ary ny loholona » ary izy no « manambara amin'ny fomba ofisialy ny vokatry ny fifidianana ny filohan'ny Repoblika sy ny solombavambahoaka ary ny fitsapan-kevibahoaka ». Ireo no asany fantatry ny olona indrindra ary zava-dehibe no andrandrain'ny besinimaro aminy amin'ity fifidianana manaraka ity. Raha itodihana ny nataon'ny HCC tany aloha, dia irariana fatratra ny hanajan'ny HCC ankehitriny, sy hampanajany koa, ny vokatry sy ny fahamarinan'ny fifidianana ho avy.

***Nangonin'Isambilo***

## TONONKALO

# Miomàna ianao ry Dada

Miomàna ianao ry dada , ho avy indray ny fingampingana.
I "Mahamasina mafana", moa tsy izay dia efa dingana ?
Tsy mba olo-novidiana ireo haneho ny hafaliany,
Fa ny tiana te hahita anao ry Dada tena tiany !

Miomàna ianao ry Dada , ho avy indray ny fingampingana.
Amin`iretsy izay hirotsaka dia ianao no "ilay maningana".
Ny efa vitanao omaly , tsy hay vonoina na fafàna ,
Hany ka mipararetra ireo mpanongam-panjakana.

Miomàna ianao ry Dada fa mioko indray satana,
Hanalàna anao tsy ho isan`ny mpandray ny fiaingàna.
Nefa kosa matokia , eo an-damosinao hatrany,
Ireo vahoaka miombom-peo fa hoe: "ny anay dia Dada ihany".

Miomàna ianao ry Dada hiatrika ady faramparany,
Fa ny ekipan-jiolahy tsy maintsy haneho ny hasomparany.
Irony mari-pandresena , efa tsinjonay sahady.
Andriamanitra no momba , apetraka aminy ny ady.

***DADAN`i ZINA (24-08-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny fihaonan'ny vahoaka sy ny Filoha Ravalomanana ny sabotsy teo teny Mahamasina.**





















## Daniela 12: 10

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 26 aogositra 2018

***Daniela 12: 10* "Maro no hodiovina sy ho fotsiana ary ho zahan-toetra; fa ny ratsy fanahy kosa mbola hanao ratsy ihany, ary tsy hisy amin'ny ratsy fanahy hahafantatra, fa ny Hendry no hahafantatra."**

Ry mpamaky sy mpihaino ny FANAMBARAKO sy ny FAMPIANARAKO. Misaotra anareo AHO JEHOVAH. Raiso ary henoy izay lazaiko fa tsy hanenina hianareo. Aza mamafy ny fonareo, ary aza mampitaha AHY amin'ny zavapoana sy mandalo, ary aoka izay ny fanaratsiana sy ny fiampangana sy ny fanondrotondroana ny hafa fa ianao mihitsy no tiako hiova sy hanatona amimpitiavana. Tsy izay anarana no ialànareo Amiko ary aza miteny ratsy AHY fa tadidio ireo nanohitra rehetra. Raha misy ASA ampanaoviko anao, "ataovy", raha misy ASA anirahiko anao mandehana, ary raha misy hafatra ampiteneniko anao "mitenena" fa izay no ilaiko JEHOVAH. Aza mifampiandry sy mifampitsikera fa mandroso ihany ny andro ary tonga ihany ny fotoana. Ny antony itenenako JEHOVAH izany dia izao: Antomotra ny zava-drehetra kanefa maro ny ASA mbola tsy vita, mbola betsaka no mbola tsy nahazo FAMONJENA, ringana ihany hianareo satria tsy mahalala FAHAMARINANA. Toy izao no hafatro JEHOVAH Mpamorona izao tontolo izao: ho avy AHO sady tonga amin'ny HERIKO sy ny FAHEFAKO ary manapaka ao amin' Ilay FANJAKAKO AHO sady JESOSY no MPANJAKA ao. Maro no tsy faly amin'izany teniko izany ka minia mikipy, tsy te-hihaino. Izay tsy fantatrareo no lazaiko sy asehoko, ary izay efa fantatrareo tao amin'ny Baiboly sy novakianareo tao no hamafisiko. Asan'ny mpaminany izany ka avelao izy hanao ny asany fa hanadinako azy izay tsy vitany. Ry mponin'ny tany ô: mba henoy ihany AHO ao amin'ny mpaminany e, fa na izay tsy hita maso sy miafina aza anie ka ampahafantarina sy aseho azy ireny e! Fantatrao tsara ve fa tokana ny FAMONJENA? Izay mety ahazoana famelan-keloka sy indrafo? Fantatrao ve ny dingana hahatongavana amin' izany? Ny lalana handraisana safidy ny amin'izany? Ny hananana fiadanampo? Ary manao ahoana ny fananana antoka ny amin'ny fiainana mandrakizay? Ilay fanantenana ny amin'ny fampanantenana nomen'I JESOSY ? Etsy aloha hianareo hilazako ZAVA-MIAFINA izay vaovao aminao anio. Mba inoy ihany. Misy tantara toy izao vao nisy FAMONJENA, ny amin'I JESOSY sy JAONA mpanao Batisa. Tsy misy tokony hatao zava-mandalo ny FISIAN'IZY ireo teo amin'ny tany misy anareo. Tamin'ny fotoana nilazan'ny anjely tamin'I Maria virijiny fa mitoejaza ka ny Fanahy Masina no ho tonga ao aminy,Lioka 1/35: " *Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe: Ny Fanahy Masina no tonga ao aminao, ary hisy herin'ny Avo Indrindra hanaloka anao; koa ny Masina Izay hateraka dia hatao hoe Zanak'Andriamanitra*." Dia efa nitoe-jaza koa I Elizabeta renin'I Jaona , Lioka 1/36: "*Ary indro , Elizabeta havanao dia efa mitoe-jaza koa, na dia efa antitra aza, ary efa mandray enina izy izao, izay natao hoe momba*". Fa tsy misy tsy hotanteraka ny Teniko fa izany no maha JEHOVAH AHY. Refefa nifamangy Maria sy Elizabeta, rehefa nifampiarahaba izy ireo ka ren'I Elizabeta ny arahaban'I Maria, dia nibitaka ny zaza tao ankibony (I Jaona mpanao Batisa izany), izay nidika hoe: nofenoina ny Fanahy Masina koa ny zaza tao an-kibo, misy fifandraisana sahady dieny mbola tao am-bohoka. Ny anton'izany rehetra izany dia nohon'ny ASA mifampitohy izay ampanaovina azy ireo (JESOSY sy I JAONA) izany. Izay tsy voasoratra ao amin'ny Baiboly mihitsy no ambarako anao ary tsy nisy nahalala afa-tsy IZAHO JEHOVAH irery ihany ka izay ampanoratina dia fitaovana fotsiny ihany. Niara-nitondra vohoka I Maria sy Elizabeta fa saingy ny an'I Elizabeta dia efa feno enim-bolana ny kibony talohan'ny an'I Maria Lioka1/36. I Maria dia virijiny ka ny HERIKO JEHOVAH tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina no nananany ANAKA, tsy nahalala lahy akory fa mbola fofom-badin'I Josefa, Matio 1/20 : " *Ry Josefa zanak'I Davida; aza matahotra hampakatra an'I Maria ho vadinao fa ny zaza ao an-kibony dia avy amin'ny Fanahy Masina.*" Elizabeta indray dia efa vavy antitra sady efa nitsaha-potoanan'ny vehivavy no momba tsy niteraka. I Zakaria no vadin'I Elizabeta. Toy izao ny zava-nisy ,Lioka 1/11-17: "*ary nisy anjelin'ny Tompo niseho taminy teo an-kavanan'ny alitara fandoroana ny ditin-kazo manitra. Ary nony nahita azy Zakaria dia taitra loatra izy ka raiki-tahotra. Fa hoy ilay anjely taminy: Aza matahotra , ry Zakaria ; fa efa nohenoina ny fangatahanao, ka Elizabeta vadinao dia hiteraka zazalahy aminao, ary Jaona no hataonao anarany. Ary ho faly sy ho ravoravo hianao; ary maro no hifaly amin'ny hahaterahany. Fa ho lehibe eo anatrehan'ny Tompo izy ary tsy hisotro divay na toaka sady ho fenoina ny Fanahy Masina hatrany an-kibon-dreniny aza. Ary maro amin'ny Zanak'Isiraely no hampodiany amin'I JEHOVAH Andriamaniny. Ary izy handeha eo alohany amin'ny fanahy sy ny herin'I Elia mba hampody ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny tsy manoa ho amin'ny fahendren'ny marina, hamboatra firenena voaomana ho an'ny Tompo*". Hitanareo izany fa zava-dehibe ny fisian'i Jaona fa saingy tsy mba voasoratra. Ny dikan'ny hoe JAONA= IRAKA nanambara FIBEBAHANA. Izany hoe: Fiverenana amin'ny FAHAMARINANA. JESOSY dia efa nampahafantarina izay hanjo eo amin'ny velona sy izay hiafarany . Raha mbola zaza IZY dia efa tao amin'ny tempoly mandrakariva mba hanohizany ny ASA anirahako AZY. I JAona kosa dia tany an'efitra no namolavolako Azy raha vao nanomboka ny faha 12 taonany. Araho ny tantara fa mbola hitohy. Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:
Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

## CUA

# Nanatitra fanampiana ireo traboina may trano teny Ankazomanga

Vary, menaka, savony, sûr-eau fanadiovana rano, ireo no fanampiana nomen'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ireo olona may trano tetsy Ankazomanga Atsimo Boriboritany faha-6 ny sabotsy maraina teo. Nitondra izany fanampiana ho an'ny traboina izany, nisolotena ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna, kolonely Emilien Ramboasalama, ny tale misahana ny raharaha sosialy ao amin'ny CUA: Docteur Prisca Andriantseheno ary ny delegen' ny Boriboritany faha-6: Fehizoro Andriamananjezika. Trano miisa 33 no may tamin'izany teny antoerana, ahitana fianakaviana 50 sy olona miisa 231. Nitondra ihany koa ny teny fampaherezana avy amin'ny ben'ny tanàna ny lefitra voalohan' ny ben'ny tanàna kolonely Emilien Ramboasalama, nandritra io fotoana io. Ankoatra izany, nambarany fa aoka ireo tena traboina no omena ireo fanampiana ireo. Nankasitraka izao fanampiana nomen'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra izao ireo traboina, nitondra ny tenin'izy tamin'izany ny filohan'ny fokontany Ankazomanga Atsimo Fredson Randrianarivelo.

***Aly***

## Amboaran'ny ben'ny tanàna, rugby

# JST Ambondrona sy ny TFM Ankasina no nandrombaka ny amboara

Ny JST Ambondrona teo amin'ny diviziona voalohany sokajy B, ny TFM Ankasina teo amin'ny diviziona voalohany sokajy A, ireo no nandrombaka ny amboaran'ny ben'ny tanànan'Antananarivo andiany voalohany teo amin'ny taranjam-panatanjahantena Rugby. Tontosa soa aman-tsara tetsy amin'ny kianjaben'i Mahamasina ny alahady teo ny lalao famaranana tamin'izany fiadiana ny amboaran'ny ben'ny tanàna izany. Teo amin'ny lalao famaranana sokajy B : ny JST Ambondrona nandresy ny MatadoreA Anosipatrana tamin'ny isa 17 no ho 6. Teo amin'ny famaranana sokajy A : ny TFM Ankasina nampiondrika ny XV Family Manarintsoa tamin'ny isa 23 no ho 18. Ankoatra ny amboara dia nahazo loka manokana vola mitentina 2 tapitrisa Ariary avokoa na ny JST Ambondrona sy ny TFM Ankasina. Ireo nahazo ny laharana faharoa kosa tamin'izao lalao famaranana izao dia ny MatadoreA Anosipatrana sy ny XV Family Manarintsoa dia samy nahazo 1 tapitrisaa Ariary avy, avy amin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana avokoa. Vokatra hafa tamin'izao fiadiana ny amboaran'ny ben'ny tanàna izao, teo amin'ny sokajy vehivavy: ny Rosa Club nandavo ny Balamy tamin'ny isa 37 no ho O. Ny UAS Cheminot nandresy ny MatadoreA tamin'ny isa 41 no ho 15. Teo amin'ny lalao fihantsiana vehivavy: ny 3FB nampiondrika ny JSM Mahamasina tamin'ny isa 28 no ho 12; ny USCAR ekipan'ny CUA nandresy ny CNAPS tamin'ny isa moka fohy 9 no ho 8; ny FTM Manjakaray nandresy ny TFA Anatihazo tamin'ny isa 17 no ho 12. Samy nahazo amboara ihany koa ireo mpandresy tamin'ireo lalao fihantsiana ireo, ny amboara azon'ireo mpandresy rehetra dia tena ho azy ireo avokoa tamin' izao fiadiana ny amboaran'ny ben'ny tanàna andiany voalohany izao. Ho amin'ny herintaona indray ny fiadiana ny amboaran'ny ben'ny tanàna andiany faha-2.

***Lita***

## Famaranana ny faha 25 taona

# Fahombiazana tanteraka ny an'ny tarika Mage 4

Tontosa ny alahady 26 aogositra teo, tao Antsahamanitra ny fampisehoana ho famaranana ny faha- 25 taona ny tarika Mage 4. Hipoka tanteraka Antsahamanitra na « Guichet fermé » hoy ny teny vahiny izay. Tonga avokoa ny mpankafy ny gadona rock izay voizin'ny tarika, ka nahitana ny efa lehibe, ny tanora eny na ny ankizy koa aza. Raitra dia raitra ny fampisehoana na ny haingon-tsehatra, ny feo ary ny jiro. Nolalaovin-dry bandin'i Lita sy Ken avokoa ny karazan-kiran'ny tarika Mage 4 rehetra, na ny taloha, ary ireo hira vaovao taty aoriana. Vahiny mpiangaly rock namana maro no nanotrona ny tarika tamin'ny fankalazana ny faha-25 taona ity. Tao i Sahondra izay mpihira ao amin'ny tarika Sasamaso izay nihira ny hira mavesatry ny tarika Mage 4 iray, Iniah, Rheg ary Allkiniah izay mbola tanora vao erotrerony nefa efa manana ny maha izy eo amin'ny fiangalina ny mozika rock.



Nampiavaka ny fampisehoana ny fiakaran'ny orkestra « symphonique » iray niaraka tamin'ny tarika TGC teo amin'ny fanombohan'ny fidirana faharoa. Ireo hira fiderana no nolalaovina tamin'izany toy ny « Please come back again », « Fiderana ». Samy faly araka ny lohatenin'ny hira iray an'ny tarika izay anisan'ny nolalaovina ny rehetra. Niara-nihira tamin'ireo hira tsy afaka ambavan'ny maro toy ny « taratasy farany », « valin'ny ditra », « tsy sahy » sy ny maro hafa. Nampiavaka ny seho koa ny fihiran'i Ken ny hiran'ny tarika tamin'ny teny avy any atsimo, tononkira izay mifono ny fihavanana raha ny fanazavan'i Ken ary toerana izay niatombohan'ny tarika Mage 4 rahateo. Nisy koa ny fanomezana natolotry ny tarika ho an'ny mpakafy dia ny rakikira roa izay ahitana ireo hira taloha nohavaozina sy ireo vaovao. Naharitra adin'ny 4 ny fampisehoana, afa-po tamin'ny fampisehoana ny mpijery, tsy nisy niala na dia efa maizina aza raha tsy nandeha ilay hira taloha nohavaozina izay tena nandrasan'ny maro« ampy izay ». Azo ambara araka izany fa fahombiazana tanteraka no azon'ny tarika Mage 4 tao Antsahamanitra izay tarika mpiangaly rock anisan'ny sangany ary manana ny toerany eto Madagasikara amin'izao fotoana.

***Andriam***

ANDRANGY-ANTSIRABE

## Jiolahy nikasa hanafika, saron'ny fokonolona

Saron'ny fokonolona tao amin'ny fokontany Andrangy-Antsirabe voalohany indray ny andian-jiolahy nikasa hanafika ka raha tsy nalaky voavonjy dia matin'ny fitsaram-bahoaka. Raha ny fanazavana teny anivon'ny fokontany di any sabotsy tolakandro lasa teo no nisy olona 3 lahy nibaby sakaosy nivezivezy tany amin'ny manodidina an' Andrangy, ka efa hitan'ireo Jama sy ny andrimasom-pokonolona. Narahina maso izy ireo ka nony harivariva dia efa tafaka ho 7 lahy indray izy ireo. Rehefa tokony ho tany amin'ny 10 ora alina tany ho any ary dia nivoaka nihaeo ny tanànan'Antsongo any Andrangy ry zalahy ireo ary narahin'ireo vata-dahy mpiambiny sy ireo Jama ihany ary voatery tsy maintsy nosakana sy hanaovana fanadihadiana. Tsy nanaiky moa izany ireo jiolahy fa avy dia namahana basy ary nikasa hitifitra mihitsy, saingy nisy olana ka tsy nipoaka ilay basy teny amin'izy ireo. Raikitra ny fifandonana tamin'izy ireo sy ny fokonolona ka nitsoaka ny 4 dahy ary tsy afaniala kosa ny telolahy ary nisy ny voa mafy nohon'ny daroka nahazo azy. Niaky ny saika hataony moa ireo tratra ary nilaza fa nikasa hanafika olona tao amin'ilay tananan'Antsogo toka ry zalahy ireo, izao sarona izao. Azo lazaina araka izany fa nahomby ny tetikadin'ny fokonolona tany an-toerana amin'ny fametrahana tsy tapaka ny andrimasom-pokonolona ka izao nahitam-bokany izao. Fantatra moa fa mbola mitohy ary tsy miato ny fiambenana any amin'ity fokontany Andrangy ity, hisorohana ny tsy fandriampahalemana any an-toerana.

***Lezama***

Antsirabe

## Tranohazo kilan'ny afo, tokantrano 5 tsy manan-kialofana

Sesilany ny hai-trano ao Antsirabe renivohitra ao. Vao tapa-bolana lasa izay dia nitrangana hai-trano goavana tao Mahazoarivo Avaratra ka nahamaizana tranobe iray nisy fianakaviana valo tonta. Ny alin'ny Sabotsy hifoha Alahady 26 Aogositra 2018 dia nitrangana hai-trano indray koa tao amin'ny fokontany Mahazoarivo avaratra ihany ka tranohazo nisy tokatrano 5 indray no may ny maraina tokony ho tany amin'ny 1 ora sy sasany tany ho any, izay mpivarotra kafe sy mofo ary mpivarotra saribao sy mpanao lasopy ireny no tra-doza tamin'izany ; olona manodidina ny 40 araka izany no tra-boina sy tsy manan-kialofana tamin' izany. Kisoa niisa 5 no main'ny afo ary tsy nisy noraisina ny tao an-trano na iray aza. Nambaran' Atoa Razafinarivo Remi, isan'ireo niharam-boina fa avy tany ivenan'ny trano niandohan'ny afo, izay notombanan'izy ireo fa nataon'olona avy any ivelany ka sahirana avokoa ny tao an-trano vao tafavoaka ny trano. Nanamarina izany moa ny tovolahy iray natory tao anaty fiara, izay nahita ny afo nidedaka be avy taty ivelany vao taitra nanaitra ny tao anatin'ny trano ary nanakisaka ny fiara haingana. Tokony ho tamin'ny 4 ora sy sasany maraina moa vao tong any mpamonjy voina an'ny orinasa Cotona ka norarafan'ny olona tsy fantatra ny tora-bato, izay nahatezitra ny mpitandro filaminana izany. Marihina moa fa fa isan' ny olana eto Antsirabe ny tsy fisian'ny fiara mpamonjy voina, kanefa dia feno tranohazo eto Antsirabe. Misy ihany ireo fitaovana famonjena voina an"ny BNGRC ao amin' ny toeram-ponenan'ny Prefen'Antsirabe saingy mbola alaina rony sy tsy miasa izany hatramin'izao fa angamba mbola hiandrasana amin'ny fampielezan-kevitra ve?

***Solohery***

## Manamboninahitra miaramila, nodarohin'ny FIP Antsirabe

Miaramila manamboninahitra iray no voatery manaraka fitsaboana ao amin'ny hôpitaly Loterana Andranomadio, nohon'ny daroka nataon' ireo polisy nanao fisafoana azy, ny alin'ny zoma lasa teo. Raha ny fantatra dia miaramila manam-boninahitra miisa telo sy manam-boninahitra lefitra iray izy ireo, izay an-dalana hody avy namonjy io alin'ny zoma io. Tokony ho tamin'ny misasak'alina raha an-dalana hamonjy fodiana any amin'ny tobiny izy ireo no nifanena tamin'ireo polisin'ny FIP izay voalaza ho nifanenjika taminà jiolahy. Tsy hita tampoka anefa izay nanjavonan'ireo jiolahy ka ireto miaramila ireto no nifanena tamin'ireo polisy, dia nanontany azy ireo ny misy ireo olon-dratsy ny polisy saingy nilaza ho tsy nahita ireto farany no sady nilaza ny momba azy saingy izy ireo indray no noheverin'ireo polisy ho nanafina ireo jiolahy ka dia niharan'ny daroka sy ambana basy ary narahina ompa sy teny tsy mendrika isan-karazany. Naratra vokatr'io izy ireo ka rehefa nandalo tao amin'ny mpitsabo ao amin'ny toby dia io voatery nalefa any amin'ny hôpitaly io ny iray vokatry ny dona mafy sy ratra lalina nihatra taminy. Raha ny fantatra dia efa fanintelony tamin'io zoma io no nisianà tranga toy izao. Milaza ny tsy handefitra intsony ireo miaramila naman'ireo rehetra efa niharan'ny fihetsik'ireo polisin'ny FIP na dia efa nisy aza ny fifanantonana sy fandamina teo amin'ireo tompon'andraikitra roa tonta. Andasana ny tohin'ny raharaha fa ahiana hiteraka olana eo amin'ny samy mpitandro filaminana ity raharaha ity.

***Lezama***

Ambatondrazaka

## Nahazo biraom-pokontany vaovao ny ao Antanifotsy

Tsy mitsahatra ny asa fampandrosoana amin' ny fidinana ifotony ataon' ny avy eny anivon'ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra, fa mitohy hatrany hoy ny Ben'ny tanàna Rafidimanana Louis Felicité, nandritry ny fitokanana ny tsenaba Fivoarana ny sabotsy lasa teo. Fantatra fa isan'ny notokanana nandritra io lanonana io ny biraom-pokontany vaovao ao Antanifotsy izay hetahetam-bahoaka tao an-toerana. Tsy maintsy marihina amin'ny fitokanana zavabita hatrany ny foara tahaka izao hoy ny Ben'ny tanàna Rafidimanana Louis Felicité, mba hahafantaran'ny rehetra fa miasa ny kaominina sy ny mpitondra ao aminy ary ny vola miditra dia natao hanasoavana ny vahoaka fa tsy ho lanilaniana fotsiny sanatria. Isan'ny fangatahan'ny tao amin'ny fokontany Antanifotsy ny hanangana birao tao amin'izy ireo ary dia izao vita soa amantsara izao. Dingana manaraka indray ny fanomanana ny fanamarihana ny faha-60 taona nijoroan'ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra amin'io taona 2019 ho avy io, hoy ihany ny Ben'ny tanàna Rafidimanana Louis Felicité. Nisy ny fiarahamientan'ny rehetra matoa mivaingana hatrany ny vokatra azo hoy ny Ben'ny tanàna. Trosa be tsy toko tsy forohana no novantanin'ny mpitondra ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra tamin'ny niakaran'izy ireo teo izay, efa voaloa avokoa amin'izao fotoana izao raha ny nambaran'ny Ben'ny tanàna nandritra ny fitokanana ny tsenabe Fivoarana ary efa miditra ao anatin'ny fananganana fotodrafitr'asa indray izy ireo amin'izao fotoana izao. Hisy ny tetik'asa fanarenana ny biraon'ny kaominina mba hanara-penitra hoy ihany izy. Ankoatra izay dia hisy ihany koa ny fijerena manokana ny lalana eto antampon-tanàna. Mila ny ezaky ny rehetra anefa izany hoy ihany ny Ben' ny tanàna amin'ny alalan'ny fanefana ny hetra mba hahafahana mametraka ny tamberin'andraikitra hanangana ireo foto-drafitr'asa ireo. Nisaorany manokana ny Prefet-n'Ambatondrazaka izay tsy nisaraka tamin'ny kaominina fa nifanampy hatrany na teo amin'ny torohevitra na ny torolalana mahakasika ny fitantanan-draharaha ka nahafahana nampandroso ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra.

***Raoul***

Baolina kitra - Kaominina Ambohidava

## Tontosa ny famaranana teo amin'ny "tournoi ezaka"

Notontosaina tamin'ny alahady faha-26 aogositra lasa teo ny lalao famaranana teo amin'ny fiadiana ny amboaran'ny "tournoi Ezaka" tao amin'ny kaominina ambanivohitra Ambohidava avaratra Ambatondrazakaa. Nihaona nandritra izany ny kaominina Ambatosoratra sy ny avy any Andrebakely avaratra ka nivoaka nandesy tamin'ny isa 2-0 ity farany. Nentin'izy ireo nody araka izany ny amboara omby lehibe iray niaraka tamin'ny medaly. Fantatra fa isan'ny nandray anjara tamin'ny fividianana ity omby natao amboara ity ny dokotera Nahary izay efa mpanao asa soa taty Alaotra hatramin'izay, indrindra fa tato anatin'ny distrikan' Ambatondrazaka. Tontosa soa amantsara avokoa ny lanonanam-pamaranana rehetra na dia saika nisy aza ny olana teo amin'ireo mpanohana ny andaniny sy ny ankilany. Nambaran'ny dokotera Nahary fa zava-dehibe ny fitaizana tanora sy ny fanaovantsoa amin'ny mpiara-belona raha toa ka misy ihany ny azo hanaovana izany. Tsy ny fanatanjahantena ihany no hanehoana izany asa soasialy izany hoy izy fa azo atao ihany koa ny mifanampy amin'ny tantsaha toy ny efa nataon'izy ireo hatramin'izay, indrindra amin'ny fanampiana azy ireny rehefa tonga ny fotoam-pambolena vary jebo sy ny famorana faobe. Efa ela no nanaovan'izy ireo asa sosialy ary tsy hitsahatra fa hitohy hatrany izany hoy izy. Nisaotra manokana ity dokotera ity ny mponina Ambohidava noho ny tsy nanadinoana ny tanora tany amin'izy ireo, ka nanaovana iny fifaninanana baolina kitra izay nofaranana ny alahady lasa teo iny.

***Raoul***

Mpivarotra zava-pisotro

## Ho hentitra ny fampiharana ny lalàna

Mihenjana amin'ny fampiharana ny lalàna ny kaomisera Divizionera Rafalimanana Alain. Nisy fomariany ireo mpivarotra zavapisotra misy alikaola sy ireo karazan-toeram-pilanonana misy tao Antsirabe nampahafantarany izay tetikady tiany hapetraka izay. Nambarany fa ho fanatsarana ny sehatry ny filaminana eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra no anton'ny fiantsoana ireo olona mivarotra antsinjarany ny zava-pisotro misy alikaola ireo, niampy ny mpandraharaha sy tompona karaoke, ny mpandraharaha sy tompona toerana mampandihy (boite de nuit sy night club) rehetra teto Antsirabe ny avy ao amin'ny Polisim-pirenena. Ezahina ihany koa ny hampitoviana lanja ireo mpisehatra rehetra ao anatin'izany satria dia mihamaro ireo mpivarotra zava-pisotro misy alikaola etsy sy eroa tsy manara-dalana. Manomboka izao dia hanao ny fidinana ifotony hijery ireny ny avy ao amin'ny mpitandro ny filaminana satria dia tokony ho eo ambanin'ny lalàna avokoa ny rehetra. Tokony hametraka "affiche" mampafantatra ny rehetra ny zavatra tsy azo atao ao amin'ny toeram-pivarotana ny mpivarotra noraisana ohatra tamin'izany ny tsy hivarotana toaka amin'ny zaza tsy ampy taona. Hamafisina araka izany ny fotoana fikatonana amin'ny alina hoan'ireo mpivarotra sy mpandraharaha rehetra ka manomboka amin'ny 10 ora sy sasany alina dia efa mikatona avokoa. Misy ny laharana azo hifaneraserana amin'ny Polisy hilazana ny olana miseho eny anivon'ny fiaraha-monina eny anisan'izany ny adiresy mailaka "centre d'information et de Commandement "brspvak@gmail.com". Nampimenomenona ireo mpandraharaha ary nitarainan'izy ireo tamin'ny mpanao gazety moa ity resaka ity satria nambaran'izy ireo fa lafo ny hetra alohan'izy ireo amin'ny fanjakana kenefa mba ny alina no tena fandehanan'ny tsenan'izy ireo ka mahavaka ny sain'izy ireo ny fampidiram-bon'izy amin'izao fotoana izay efa hita ho nitotongana sahady. Hiteraka korontana ara-tsosialy ihany koa ity resaka ity kelikely eo raha ny fantatra satria dia lasibatra hatramin'ireo mpivaro-tena mivoaka alina izany satria tsy misy intsony ireo mpanjifa azy ireo rehefa mikatona ny toeram-pisotroana.

***Solohery***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**25/08/18 hatramin'ny 1/09/18**

- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86/ 033 86 194 15

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 806-08-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ANDRANOMANELATRA

## Nasiana foto-drafitrasa goavana momba ny ronono

Azo lazaina fa i Vakinankaratra no sompitry ny ronono raha ny eto Madagasikara, satria ny fantatra dia ny 80% ny vokatra ronono dia avy eto avokoa. Tombony lehibe ho an'ny kaominina roa dia Andranomanelatra sy ny Kaominina Ambohimanarivo Distrika Antsirabe faharoa ny fahazoany foto-drafitrasa vaovao dia ny toby fanangonana ny vokatra ronono sy toerana famatsiana sakafom-biby izay napetraka ao amin'ny Fokontany Soamahavoky izay efa misy ihany koa, toa an'Antanifotsy sy Betafo ary Ampamelomana. Ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra no antoka ho fanoitra ny fampandrosoana ny Faritra Vakinankaratra, ka tafiditra indrindra ao anatin'ny andraikitra iandraiketan'ny Faritra izao hetsika izao, dia ny fampandrosoana ny ara-tosialy sy ny ara- toekarena ary mba hipaka amin'ny Firenena iray manontolo. Teto ihany koa no nanamafisan'Andriamatoa filohan'ny Kaoperativa Rova fa tamin'ny taona 1987 no niforona ny fikambanana ary tamin'ny taona 2000 dia niova ho kaoperativa mba hisian'ny otrikarena iombonana. Ny kaoperativa Soamaharo dia misy mpikambana miisa 15 mianadahy izay nofanin'ny kaoperativa Rova mba hanoro ny mponina eo amin'ny tontolon'ny famokarana ronono, indrindra ny fanatsarana ny sakafom-biby sy ny fanafody ary fanatsarana ny lahin'omby. Tsara ny manamarika fa kaominina Andranomanelatra no malaza amin'ny famokarana ronono eto Vakinankaratra ary ho modely ho an'ny kaominina hafa hanandratra ny fari-piainan'ny tontolo Ambanivohitra. Tonga nanokatra sy nitokana izao foto-drafitrasa izao Andriamatoa Rakotoarivelo Rivo Herindray Tale miadidy ny fampandrosoana ny Faritra Vakinankaratra, ary ireo manampahefana samihafa teo an-toerana.

***Solohery***

Ambatondrazaka

## Nodiovin'ny polisy monisipaly ny harom-paosy nandritry ny tsenabe

Maro ireo mpangarom-paosy izay voasambotry ny polisy monisipaly nandritra ny tsenabe fivoarana ny herinandro lasa teo iny. Tsy hitsitsy mihitsy izahay hoy izy ireo manoloana indrindra ny fandotoan-tanàna ataon'ireto tontakelin'ny tsena ireto. Efa betsaka no voasambotra tamin'izy ireo saingy mbola misy hatrany ireo manohy ny asa ratsiny ka mampimenomenona ny mpamonjy foara. Efa misy ireo fantatra endrika izay araha-maso akaiky amin'izao fotoana izao hoy ireto polisy monisipaly ireto. Nomarihin'izy ireo fa miandahy miambavy ny mpangarom-paosy ao an-tsenan'Ambatondrazaka ao ary tsy mijanona fotsiny amin'io fa mbola mandidy poketra sy sakaosy ihany koa ary fantatra mihitsy fa manendaka amin'ny alina izy ireny. Ireo izay tratra dia haterina avy hatrany any amin'ny paositry ny polisy ary dia ny any indray no manao ny famotorana rehetra.

***Raoul***

Imerintsiatosika

## 3 mianaka novonoina tamin'ny fomba feno habibiana

Olona 3 mianaka no maty novonoina tamin'ny fomba feno habibiana tsindron'antsy tao antranony omaly vao maraina tany Imeritsiatosika distrikan'Arivonimamo. Mpivady manodidina ny 30 taona izy ireo ary 5 taona monja ilay zanany vavy kely, araka ny fantatra manana cyber itony izy ireo. Ny zanany lahikely anankiray hafa izay any am-panaovana fialan-tsasatra amin'izao fotoana izao no sisa velona amin'ity ankohonana ity. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ny raharaha ary efa mandeha ny fikarohana ny nahavanondoza. Mbola tsy fantatra aloha hatreto na disadisam-piaraha-monina no anton'izao famonoana olona izao, na tena asan-jiolahy, ny fanadihadiana lalina ataon'ny mpitandro filaminana no hahafantarana izany.


***Ny Valosoa***



BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 249**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0248)

***Mitsivalana***
- Solitany
- Olana – Ar
- Seza – Oty
- Ota – Faty
(Miv)
- Ianao
- Renirano
- Aty

***Mitsangana***
- Sosotra
- Telo (Miv)
- Lazaina
- Ina – Tia (Miv)
- Ta – Inri
- Aato (Miv)
- Nataony
- Firy (Miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 249




**Mitsivalana**

**1.** Karazan-kena – Mari-bola **2.** Rango-pohy (Miv) – Fitaovana fakàna rano **3.** Tampisaka – Tsy tsaroana **4.** Marina – Ingahibe **5.** Ao an-damosina – Hazo maro (BR) **6.** Seho – Heloka **7.** Mikoriana ao anaty – Mpanondro toerana – Tovona (Miv) **8.** Jiaby – Sosotra **9.** Sakoroka – Ako **10.** Voankazo – Hektara

**Mitsangana**

**A.** Fanao voalohany **B.** Aiza ? – Voamaina (Miv) **D.** Verina – Fanafody (Miv) **E.** Hita eo amin'ny valopy – Androany (Miv) – Mpanoritra (Miv) **F.** Iray – Karazan-damba (Miv) **G.** Fifanarahana – Onjam-peo vahiny (Miv) **H.** Mpisolo tena – Zava-maro **I.** Tsirin-teny Iharana – Tolory **J.** Tsy tazana **K.** Mpanoritra anarana – Itenenana

### Valiny Teny mifanaraka 0248

***Mitsivalana***

1 Ranavalona **2.** Isa – Ao **3.** Sangaisangy **4.** Ai(zina) – II – Rà **5.** Raharaha **6.** Ina – Alainy **7.** Ray – M, N, O **8.** Oviana **9.** Taolana **10.** Vanoina – Ro

***Mitsangana***

**A.** Risoriso **B.** Asa – AN – Vao **D.** Nanahary **E.** Gia – Aato **F.** Vay – Rainay **G.** Laisoa (Miv) – Noa (Miv) **H.** Mahia (Miv) – La **I.** Nao (Miv) – Ainga **J.** GR – No – RN (Miv) **K.** Aviavy – Lao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fihaonan'ny vahoaka sy ny Filoha Ravalomanana ny sabotsy teo teny Mahamasina.





